

Baiboly ho an'ny zaza

Fanomeza

# Vatany Vao Nanao Ny Raha Iaby Zanahary







Nisonoratsin'i: Edward Hughes

Abaran'ny: Byron Unger; Lazarus Alastair Paterson


Ampanaraha amin'ny: Bob Davies; Tammy S.

Nadikan'ny: www.christian-translation.com


Naboakin'ny: Bible for Children
www.M1914.org

©2021 Bible for Children, Inc.
Fazahoan-dala: Manan-jo hanao kopia na hanonta an'toy tantara toy anao, rah ambo tsy mivarotsy anizao.

Ia nambotsy atsika? Ny Baiboly, Tsaran'Andriamanitsy, da manambara gne fomba niandohan'ny taranak'olombelo. Efa ela be Zanahary no nambotsy ny olombelo voalohany ary nataony hoe Adama. Namboarin'Andriamanitsy boka amin'ny vovoky ny tany I Adama.



Boka nanome aina an'I Adama Andriamanitsy da tonga velo. Tamin'ny zaridaina tsara tarahy antsoina hoe Edena izy.




Talohan'ny nanamboaran'Andriamanitsy an'I Adama, da nanao tontolo tsara tarehy feno raha mahatseriky izy.  Tsikelikely Andriamanitsy da nanao toera be hahavo sy tany lemaky, voninkazo mamerovero sy hazo abo, voro mamiratsy volo sy renitantely mitabataba,



trozona mihosinkosina sy sifotsy.

Raha ny marina, Andriamanitsy nambotsy gne raha iaby misy-ny raha iabiaby.



Tany amboalohany, talohan'ny Nanamboaran'Andriamanitsy na ino na ino, da tsy nisy afa-tsy Andriamanitsy. Tsy misy olo na toera na zavatsy. Tsy misy hazavaha sy mahiky. Tsisy ambony sy ambany. Tsisy omaly sy rahampitso. Tsy nisy afa-tsy Andrimanitsy izay tsy nanam-piandoha. Da namboatsy raha Andriamanitsy.




Ta am-piandoha da nahary ny lanitsy sy ny tany Andriamanitsy.


Ary ny tany da tsy nisy endriky sy foa. Ary haiky no tambonin'ny lalina. Da nitsara Andriamanitsy. "Aoka hisy mazava."



Ary nisy mazava. Andriamanitsy nambotsy ny mazava hoe Andro ary ny mahiky nataony hoe aly. Ary ny hariva sy ny maraina no andro voalohany.




Tamin'ny andro faharoa, Andriamanitsy da nampilamy ny ranon'ny ranomasina ary ny farihy teo ambanin'ny Lanitsy. Tamin'ny andro fahatelo, da hoy Andriamanitsy: "Aoka hiseho ny maiky". Da nisy tokoa zay.



Nodidian'Andriamanitsy hiseho koa ny ahitsy ny voninkazo sy ny hazo maditsiky ary ny hazo. Da niseho indreo. Da nisy hariva sy maraina no andro fahatelo.



Bokeo Andriamanitsy da nanao ny masoandro, sy ny volana, ary kintana maro be ka tsy misy olo afaky manisa azy.  Da nisy hariva sy maraina koa ny andro fahefatsy.




Ny zavaboary an-dranomasy sy ny hazandrano ary ny voro no manaraky ny lisitr'Andriamanitsy. Tamin'ny andro fahadimy da nambotsy fia sabatsy bevata sy sardinina maditsiky, aotirisy lava tongotsy ary voro-manembo kely falifaly izy. Andriamanitsy nanao ny karazam-pia iaby hameno ny rano an-tany eto sy ny karazam-borona iaby mba hankafy ny tany sy ny ranomasina ary ny lanitsy. Ary ny hariva sy ny maraina no andro fahadimy.



Vita izay, da nitsara indraiky Andriamanitsy. Hoy izy: "Aoka ny tany hamoaky zavamananaina (...). Niboaky ny karazana biby sy bibikely da biby mandady aby. Nisy elefanta mihozongozona ny tany sy be bera. Gidro masiaky sy voay masiaky. Kankana wiggly sy chipmunks cheeky. Girafy gangly sy karazana biby iaby da nataon'Andriamanitsy tamin'izay andro zay.

Da ny hariva sy maraina no andro fahenina.




Nanao raha hafa Andriamanitsy tamin'ny andro fahenina – raha tena miavaky. Efa vonona izao ny raha iaby ho an'ny olombelo. Nisy hany teny an-tanimboly sy biby hanompoa anazy. Ary Andriamanitsy nanao hoe:

Ndao atsika hamorona olo

manahaky ny paozintsika;




KOA NO NAHARIAN'ANDRIAMANITSY NY OLO MIARAKY AMIN'NY SARINY; TAMIN'NY ENDRIK'ANDRIAMANITSY NO NAHARIANY AZY...




Niresaky tamin'I Adama Andriamanitsy. "Hano izay tianareo amin'ny saha; fa ka hoany ny hazo fahalala ny tsara sy ratsy; fa raha mihina anio hazo io anareo, da ho faty tokoa."



Da hoy Jehovah Andriamanitsy: “Tsy tsara raha irery ny olo, fa hanao mpanampy ho anazy Iaho”. Nentin'Andriamanitsy teo amin'I Adam any voro sy ny biby aby. Nomen'I Adama anarana izy aby. Tsy maintsy ho tena nahay nanao an'izay izy. Tsy nisy namana sahaza an'I Adama anefa tamin'ny voro sy ny biby aby.



Nataon'Andriamanitsy tanatin'ny torimaso lalina tao I Adama. Nesorin'Andriamanitsy tamin'ny taolan-tehezan'I Adam any raiky tamin'ireo taolan-tehezan'ilay lehilahy natory. Tena nety tokoa ilay vehivavy nataon'Andriamanitsy mba ho mpiara-miasa amin'I Adama.



Nataon'Andriamanitsy tanatin'ny enina andro ny raha iaby. Da nitahy ny andro fahafito Andriamanitsy ka nanao anio ho andro fitsahara. Tamin'ny saha Edena, da nana fahasambara tonga lafatsy I Adamas y I Eva vadiny rehefa nankato an'Andriamanitsy. Andriamanitsy no TOMPONdreo,



Mpanome andreo ary namany.

# Vatany Vao Nanao Ny Raha Iaby Zanahary

Tantara raiky amin'ny tenin'Andriamanitsy ao, ny Baiboly,

da hita ao

Genesisy 1-2

"Gne fampidira gne tsaranao da manazava."
Salamo 119:130

Vita

Ity tantara ao amin'ny Baiboly ity da mitsara amin-tsika ny mahakasiky an'ilay Zanahary mahatseriky izay nanao an-tsika sy maniry hahalala an'Azy.

Hain'Andriamanitra fa nanao ratsy atsika, izay volagniny hoe ota. Fahafatesa gne sazin'ny ota, fa tena tia anao Zanahary ka nandefa ny Anakiny lahitoka da Jesosy mba ho faty teo amin'ny Hazo fijalia sy ho voasazy noho gne fahotanao. Da velona indraiky Jesosy ary nody tany an-danitsy! Rah amino an'I Jesosy ianao ka mangataky amin'azy mba hamela gny helokinao da hataony izay! Ho avy Izy ka hipetraky ao anatinao hananin'izao, ary hiara-hipetraky Aminazy mandrakizay anao.

Raha mino anao fa izay gne fahamarinagny, da tsarao amin'gny Zanahary hoe:

Jesoa Malala ô, mino aho fa Anao gne Zanahary, ary lasa olombelo ho faty gn'amin'ny fahotako, ary velo zao indraiky. Miangavy anao hiditsy amin'gny fiainako ka mamelâ gny heloko, mba hahazoako fiainam-baovao hananin'zao, da indraika andro agny hiaraky Aminao mandrakizay. Ampio iaho hanaraky Anao sy hiaina ho Anao amin'gny maha-agnakinao anahy. Amena.

Mamakia Baiboly da miresaha amin'gne Zanahary isan'andro! Jaona 3:16